

Ny dian'ny Mpamonjy farany sy nataony irery

Nosoratan'i Chakell Wardleigh
Gazetibokin'ny Fianganana

Nanao dia maro ny Mpamonjy nandritra ny fiainany teto an-tany. Ny diany tany ivelan'i Betlehema sy nankany Egipta fony izy zazakely, ilay dia nataony tany an-tany efitra nandritra ny 40 andro, ireo dia maro nataony tany amin'ireo tanàn-dehibe sy tanàna kely, ary tany amin'ireo tokantrano mba hampianatra, hanasitrana, sy hitsodrano nandritra ny asa fanompoany ary ireo maro hafa. Saingy nisy dia anankiray izay tsy maintsy natrehan'ny Mpamonjy irery, ary Izy irery no hany afaka nahazaka izany dia izany.

ECCE HOMMO (ANDRO NY LEHILAHY), NATAONTI LOUIS ROYER, RIJKSMUSEUM

“Ny Alahadin'ny Paska no ankalazantsika ilay fotoana lehibe indrindra sy nandrandraina fatratra teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.

“Io andro io no nanova ny zava-drehetra.

“Niova ny fiainako tamin'io andro io.

“Niova ny fiainanao.

“Niova avokoa ny hoavin'ny zanak'Andriamanitra rehetra.”

Filoha Dieter F. Uchtdorf, ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, “Ny Fanomezam-pahasovan'ny famindrampo,” *Liahona*, mey 2015, 107.



Simon Dewey

Ó RY RAY, NATAONTI SIMON DEWEY

Fijaliana tsy nisy toy izany

“Tsy misy sain'olombelona afaka mahatakatra ny tena lanjan'ny zavatra nataon'i Kristy tao Getsemane.

“Fantatsika fa nivoa-dra be ny mason-kodiny tsirairay rehefa nisotro hatramin'ny farany ilay kapoaka mangidy izay natolotry ny Ray Azy Izy.

“Fantatsika fa nijaly Izy, na ara-batana na ara-panahy, mihoatra noho izay azon'ny olombelona zakaina, afa-tsy ny fahafatesana.

“Fantatsika fa amin'ny fomba izay tsy dia takatry ny saintsika loatra, ny fijaliany dia nanome fahafaham-po ny fitakian'ny fahamarinana, nanafaka ny fanahy mibebaka tamin'ny fahoriana sy ny sazy noho ny fahotana ary nahatonga ny famindrampo afaka mihatra amin'ireo izay mino ny anarany masina.

“Fantatsika fa niankohoka tamin'ny tany Izy rehefa nampangovitra Azy ireo fanaintainana sy fangirifiriana avy amin'ilay enta-mavesatra tsy misy fiafarana, hany ka naniry ny tsy hisotro tamin'ilay kapoaka mangidy Izy.”

Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, “The Purifying Power of Gethsemane,” *Ensign*, May 1985, 9.

Fampiharana ho an'ny tena manokana: Na dia mety tsy tsapantsika foana aza, dia nizaka ny karazana fijaliana rehetra ny Mpamonjy nandritra ny Sorompanavotana. Takany ny fijaliana ara-batana rehetra, manomboka any amin'ny taolana tapaka ka hatrany amin'ny aretina faran'izay mafy indrindra. Nahatsapa ny haizina sy ny fahakiviana avy amin'ireo aretin-tsaina izy toy ny harerahan-tsaina amam-panahy, ny fitebitebena, ny fiankinan-doha, ny fanirery ary ny alahelo. Ary nahatsapa ny ratra ara-panahy rehetra Izy satria nitondra teo Aminy ny fahotan'ny olombelona rehetra.

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: “Ao anatin'ny fotoana mampalemy antsika dia mety hiantsoantso isika hoe –Tsy misy mahafantatra hoe manao ahoana izany. Tsy misy afaka mahatakatra izany.– Kanefa ny Zanakalahin' Andriamanitra dia mahafantatra tanteraka sy mahatakatra tsara, satria efa nahatsapa sy nitondra ny enta-mavesatsika tsirairay Izy.” (“Mitondra mora foana ny enta-mavesany,” *Liahona*, mey 2014, 90).